



ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitaviana - Tanindrazana - Fandrosoana

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-90

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA-010/2020 TAMIN'NY 24 JONA 2020 «AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE PRET RELATIF AU FINANCEMENT PARTIEL DU PROJET DE CONSTRUCTION D'UN PONT SUR LA RIVIERE MANGOKY, SUR LA RN9, COFINANCE PAR LES BAILLEURS ARABES ET L'ETAT MALAGASY, CONCLU LE 05 JUIN 2020 ENTRE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET LE FONDS SAUDIEN DE DEVELOPPEMENT (FSD)»

Fivoriana faha-4
Natao ny
Alarobia 4 Novambra 2020
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina
- Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

FOTOANA: Alarobia 4 Novambra 2020 tamin'ny 11 ora sy 10 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-010/2020 tamin'ny 24 Jona 2020 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Construction d'un pont sur la rivière Mangoky, sur la RN9, cofinancé par les bailleurs Arabes et l'Etat Malagasy, conclu 05 Juin 2020 entre la République de Madagascar et le Fonds Saoudien de Développement (FSD)».

Nitohy ny Alarobia 4 Novambra 2020 tamin'ny 11 ora sy 10 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta izy dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha ny fandaharam-potoana, izay fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-010/2020 tamin'ny 24 Jona 2020 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Construction d'un pont sur la rivière Mangoky, sur la RN9, cofinancé par les bailleurs Arabes et l'Etat Malagasy, conclu le 05 Juin 2020 entre la République de Madagascar et le Fonds Saoudien de Développement (FSD)».

Taorian'izay, nambarany fa hisy fanazavana hataon'ny mpikambana avy ao amin'ny "Commission de Contrôle des financements de la vie politique" amin'ny fomba famenoan'ny Solombavambahoaka ny antontan-taratasy mikasika ny «dépenses de campagne électorale» aorian'izao fivoriambe izao.

Ankoatran'izay, misy koa «questionnaire» nalefan'ny «Banque Mondiale» mikasika ny tetikasany eto amintsika, ka tokony hameno izany ny Solombavambahoaka ary amin'ny Alatsinainy 9 Novambra 2020 no fotoana hanangonana azy.

Niangaviany, noho izany, mba haharitra hatramin'ny farany ny Solombavambahoaka.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, Ramatoa Filoha, hamaky ny tatitra momba ny volavolan-dalàna laharana faha-010/2020.

Andriamatoa HENRI Jean Michel no nanatontosa izany nislotena an'Andriamatoa TSARADIA Marco satria tara fidirana ity farany.

Toy izao no fivakin'ny tatitra:

Nivory ny Talata faha-3 Novambra 2020 tamin'ny 9 ora sy sasany, maraina, ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola sy ny Vaomieran'ny Asa Vaventy, nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-010/2020 tamin'ny 24 Jona 2020 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Construction d'un pont sur La rivière Mangoky, sur la RN9, cofinancé par les bailleurs arabes et l'Etat malagasy, conclu le 05 juin 2020 entre la République de Madagascar et le Fonds Saoudien de Développement (FSD)».

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy, Filohan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana:

- mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola;

Andriamatoa isany:

- 1- ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy
- 2- RAFIDIMANANA Narson
- 3- RAVONTY Tam Teon Luc Urbain
- 4- TSARADIA Marco
- 5- ANDRIAMIATRIKARIVO Pierrot

-mpikambana amin'ny Vaomieran'ny Asa vaventy,

Ramatoa sy Andriatoa isany:

- 1- NASIRA Julien
- 2- RAHARIMAMPIONONA
- 3- RASOLOMANANA Beby Olivier

-tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera,

Andriamatoa isany:

1. RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
2. RAKOTOARISOA Johnny

Ireto kosa ireo teknisiana tonga nislotena ny Governemanta:

Rtoa sy Atoa isany:

- | | |
|--|-------------|
| 1- RAKOTO Bebiarivola | SG/MATP |
| 2- RANDRIANANDRASANA Hajaniaina | DGTP/MATP |
| 3- RAZAFIMAHEFA Ando | PACFC/ MATP |
| 4- ANDRIANJAZA Harimbolatiana | MEF/DDP |
| 5- RAJAONINA Ambinintsoa Nomenjanahary | MEF/DDP |
| 6- RAMANANTSOA Antsivalahiniriko | DAT/MATP |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny ny tekisiana ny fitenenana mba hanomezany fanazavana momba ity volavolan-dalàna ity.

Nambarany fa mpamatsy vola maromaro no mifarimbona amin'ity tetikasa fanamboarana ny tetezan'i Mangoky ity. Ireto avy ireo mpamatsy vola ireo:

- BADEA: 20,00 millions USD (31,11%)
- FSD : 20,00 millions USD (31,11%)
- OFID : 10,00 millions USD (15,55%)
- FKDEA: 10,00 millions USD (15,55%)
- Governemanta: 4,28 millions USD (6,67%)

Mitentina 64.28 millions USD ny fitambaran'ny vola hanatanterahana ny tetikasa.

Toy izao no fepetra mikasika ny fampindramam-bolan'ny FSD izay mitentina 20 tapitrisa dolara na 75 233 400 000 Ariary:

- telopolo taona no fe-potoana hamerenana ny vola, ka ny folo taona voalohany dia tsy amerenana renivola;
- ny zanabola dia 1%.

Nambarany koa fa ny tetezana voalaza ato anatin'ity fifanarahana ity dia hotanterahina any amin'ny RN9 ary anisan'ny tetezana lava indrindra, izay natao mba hahafahan'ny olona sy ny entana mivezivezy any amin'ny toerana mitoka-monina. Hiteraka zava-tsoa ara-toekarena sy ara-tsosialy ihany koa io tetikasa io.

Rehefa izany dia niroso tamin'ny fametraham-panontaniana ny mpivory.

Fanontaniana:

- 1- Ekenareo ve ny hidinanay Solombavambahoaka solotenan'ny Vaomieran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola any ifotony hijery ny fizotran'ireo asa ireo amin'ny fotoana mahamety azy?
- 2- Inona no fepetra napetraky ny mpamatsy vola vaovao?
- 3- Aiza ho aiza ny fizotry ny tetikasa?
- 4- Inona no antoka fa hizotra araka ny vina ny tetikasa?

Valiny:

1. Raisina an-tànan-droa ny fiaraha-miasa eo anivon'ny mpanatanteraka ny tetikasa sy ny Solombavambahoaka ary iriana hitohy amin'ny tetikasa rehetra.
2. Fepetra tsy maintsy atao ny "rapport périodique" mikasika ny tetikasa araka ny fomba fiasa miaraka amin'ireo mpamatsy vola, rehefa misy tetikasa iarahana manatanteraka.
3. Mbola tsy manomboka ny tetikasa, fa miandry ity famatsiam-bola farany ity. Herintaona sy tapany no fotoana hanatanterahana ny fanomanana ny tetikasa, ka ny taona 2021 vao hanomboka izany.

4. Mba hampizotra tsara ny tetikasa dia hisy ny “bureau de contrôle”, izay natao hanara-maso ny tetikasa. Marihina fa hisy ny sazy rehefa misy ny tsy fanarahandalàna.

Rehefa izany dia niroso tamin’ny fankatoavana ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Araka ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia naato 30 minitra ny fivoriana noho ny tsy fahampian’ny fetr’isa ahazoana manapakevitra.

Taorian’izany dia nankatoavin’ny mpivory ny volavolan-dalàna laharana faha-010/2020 tamin’ny 24 Jona 2020 «autorisant la ratification de l’accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Construction d’un pont sur La rivière Mangoky, sur la RN9, cofinancé par les bailleurs arabes et l’Etat malagasy, conclu le 05 juin 2020 entre la République de Madagascar et le Fonds Saoudien de Développement (FSD)».

Nifarana tamin’ny 11 ora, maraina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Rehefa avy nisaotra ny Mpampakateny tamin’ny famakiany ny tatitra, Ramatoa Filoha dia nanambara raha misy manana fanamarihana na fanitsiana mikasika izany. Tsy nisy nanana fanamarihana sy fanitsiana na ny Solombavambahoaka na ny solotenan’ny Governemanta.

Taorian’izay, nomena fitenenana ny solotenan’ny Governemanta mba hitondra fanazavana fohy momba ny volavolan-dalàna.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola no nitondra fanazavana voalohany; nambarany fa zava-dehibe ity tetikasa hanamboarana ny tetezan’i Mangoky ity satria izy no anisan’ny tetezana lava indrindra eto amintsika rehefa vita ary hamahana ny olana misy amin’ny fivezivezena ihany koa ny fisiany.

Nomarihany fa fifanarahana famenony izy ity ary efa nandalo teto amin’ny Antenimierampirenena ny fifanarahana teo alohany. Iarahana amin’ny BADEA, ny OFID, ny FKDEA ny tetikasa ary misy koa ny fandraisana anjara avy amin’ny Governemanta Malagasy.

Mitentina «20 Millions USD» na 75 233 400 000 Ariary no vola hovatsian’ny FSD amin’ity tetikasa ity.

Nisaorany ny vaomiera tamin’ny fandinihana ny volavolan-dalàna ary nambarany fa rariny raha haroso ny fandaniana azy satria miankina amin’izany no hanombohana ny tetikasa.

Fisaorana ny rehetra no namaranany ny fitenenany.

Rehefa izany, Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy no nandray ny fitenenana manaraka.

Lafiny ara-teknika no nitondrany fanazavana, ka nambarany fa mirefy 880 metatra ny halavan’ny tetezana. Hisy «trottoir» mirefy iray metatra sy sasany (1,50m) avy amin’ny

andaniny sy ankilany amin'io tetezana Mangoky io. Azon'ny fiara roa ifanenana ihany koa eo amboniny.

Hisy koa asa fanampiny ao Fenoarivo amin'iny RN9 iny ihany, ka tetezana mirefy enimpolo metatra (60m) no hatao amin'izany. Marihana fa haverina ny fanaovana «étude» momba ny fotodrafitrasa ao ambanin'io tetezana io; hasiana «trottoir» mirefy iray metatra (1m) avy amin'ny andaniny sy ankilany ary hanaovana «prise d'eau» ihany koa ao ambaniny.

Fanampin'izay, hamboarina ny tetezana mirefy fito metatra (7m) sady hasiana “trottoir” iray metatra koa amin'ny andaniny roa.

Nambaran'Andriamatoa Minisitra koa, fa tafiditra amin'ny “Projet corridor” ity tetikasa ity. Hisy lalana mirefy folo kilometatra (10km) hamboarina amin'ireo Kaominina manodidina, ao koa ny fanaovana lava-drano, ny fanorenana tsena amin'ny toerana manodidina.

Mila fanaraha-maso ny tetikasa ho fanajana ny fotodrafitrasa, toy ny fifamezivezen'ny fiara, ny fametrahana ny toeram-pialan-tasatra amin'iny RN9 iny. Hojerena koa ny resaka fandriampahalemana, ka hatsangana ny «brigade de la Gendarmerie» amin'io toerana io. Tahaka izay koa ny resaka fahasalamana sy ny tsena amin'iny RN9 iny. Izany hoe, hisy ny fananganana hopitaly sy fanorenana tsena araka ny voalaza teo aloha.

Rehefa izany, fisaorana ny rehetra no namaranany ny teniny.

Nisaotra an'ireo Minisitra mirahalaha mpikambana ao amin'ny Governemanta koa, Ramatoa Filoha, tamin'ny fanazavana nataon'izy ireo.

Nambarany, taorian'izay, fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nanome fitenenana ny Solombavambahoaka ny tenany.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, nambarany fa mazava ny fifanarahana, fa mikasika ny fomba fiasan'ny BADEA no tiana ho fantatra.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré indray nilaza, fa maro ny filan'ny firenena mikasika ny fanamboaran-dalana sy tetezana; noho izany, tsy tokony hisy adihevitra intsony ny handaniana ny volavolan-dalàna fa aleo hirosoana avy hatrany. Fantatra fa amin'ny taona 2021 no hanomboka ny asa kanefa tokony hapetraka mazava ny daty.

Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina kosa nitaona ny namany handany ny volavolan-dalàna avy hatrany sady niangavy ny hisian'ny tetikasa any amin'ny toerana hafa raha azo atao.

Niala tsiny tamin'ny fahatarany, Andriamatoa TSARADIA Marco rehefa nandray fitenenana ary nanambara, fa hidina any ifotony ny solotenan'ny vaomiera amin'ny fotoana mahamety azy hanara-maso ny fandehan'ny tetikasa. Ampahafantarina ny Solombavambahoaka etoana izany, hoy izy.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny mpikambana ao amin'ny Governemanta hamaliany ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka.

Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola no nandray fitenenana voalohany ary nitondra fanazavana fohy hoe: tapitra amin'ity fifanarahana atao miaraka amin'ny FSD ity ny tetikasa famenony. Ny fahalianan'ity volavolan-dalàna ity no andrasana, hoy izy. Rehefa lany ny volavolan-dalàna dia hatao ny "étude" momba ity tetikasa lehibe ity ary aorian'izay no hanomboka ny asa.

Nomarihany, fa afaka manara-maso ny fizotry ny tetikasa tokoa ny Solombavambahoaka ary ainga vao amin'ny fanaovana ny asa izany mba hialana amin'ny fitavozavozana mety hitranga.

Nohamafisiny fa vita amin'izao fifanarahana amin'ny FSD izao ny vola ilain'ny fanjakana Malagasy ary ny anjaran'ny Governemanta dia ho hita ao anatin'ny Tetibolam-panjakana, taona 2021.

Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Minisitry ny Fanajariana ny Tany sy ny Asa Vaventy kosa tamin'ny fandraisany fitenenana, nanamarika fa 54 volana no faharetan'ny asa.

Nohamafisiny fa efa nandalo teto amin'ny Antenimierampirenena ny fifanarahana tamin'ny tetikasa sasany, fa fanampiny ity holaniana ity. Naharitra 18 volana no nanaovana ny "étude" ary amin'ny volana Febroary 2021 no hatao ny "appel d'offre" momba ny tetikasa. Amin'ny volana Jona 2021 kosa no fotoana hanombohana ny asa.

Marihana fa fisaorana an-dRamatoa Filoha sy ny Solombavambahoaka hatrany no namaranan'ny mpikambana avy ao amin'ny Governemanta ny fitenenan'izy ireo.

Fisaorana azy ireo koa no nasetrin-dRamatoa Filoha izany.

Rehefa izay, nambarany fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Nohamafisiny fa araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, amin'ny fifanarahana iraisam-pirenena toy izao dia tsy azo kitihana ny andininy ao amin'ny volavolan-dalàna fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandanianana azy.

Taorian'izay, nambarany fa andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiarina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 53 ny nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny; tsy nisy nilaza fanemorana.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-010/2020 tamin'ny 24 Jona 2020 «*autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement partiel du Projet de Construction d'un pont sur la rivière Mangoky, sur la RN9,*

cofinancé par les bailleurs Arabes et l'Etat Malagasy, conclu le 05 Juin 2020 entre la République de Madagascar et le Fonds Saoudien de Développement (FSD)».

Rehefa izay, nomena fitenenana Andriamatoa RANDRIAMANDRATO Richard, Minisitry ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola, naneho fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny fandanianana ny volavolan-dalàna sy fankasitrahana tamin'ny fisian'ny fifanakalozan-kevitra teo amin'ny roa tonta ny tenany. Nomarihany, fa nahay nampihatra izay tokony ho laharam-pahamehana ny Solombavambahoaka tamin'izao fandraisana fanapahan-kevitra izao.

Nambarany koa fa hotaterina any amin'ny Governemanta sy ny Filankevitry ny Minisitry ny Fandanian'ny Solombavambahoaka ny volavolan-dalàna teto androany.

Taorian'izay, fisaorana no nataon-dRamatoa Filoha ny solotenan'ny Governemanta.

Nomena lalana koa izy ireo satria mbola hihaino ny fanazavana hataon'ny "Commission de Contrôle des financements de la vie politique" ny Solombavambahoaka.

Talohan'ny fanazavana nataon'ny Vaomiera voalaza eo ambony dia nanambara ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha, koa anio tolak'andro amin'ny 3 ora, hisy ny « séance de travail de la Commission Juridique avec le système Anti-Corruption à Madagascar ».

Ny Alakamisy 5 Novambra 2020 amin'ny 10 ora, maraina, fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra momba ny « Proposition de Résolution n°002-2020/PR° » atolotry ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee, voafidy tao Vondrozo. Amin'ny 11 ora, maraina, « rapport des Travaux de la Commission d'Evaluation des Politiques Publiques ».

Amin'ny 3 ora, tolak'andro, fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ireto Tolo-dalàna ireto: laharana faha-003-2020/PL « instituant l'Ordre des Géomètres experts à Madagascar »; aorian'izay, laharana faha-004-2020/PL « portant sur la reconstitution des informations foncières manquantes ou disparues » izay samy atolotry ny Solombavambahoaka RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, voafidy teto Antananarivo faha-V.

Niato tamin'ny 11 ora sy 55 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona